## Filoha Rajoelina Andry 3

# Navadiny ho vely kibay ny velirano nataony

Tononkira

**HAZO FIJALIANA**

Tarika Rambao. 4


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 23 desambra 2021 Laharana 1246

Vidiny : 400 Ar


Fikambanana Donnons nous la main 4

**Nanome fanampiana ho an'ny kamboty ao amin'ny Akany Avoko**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Sambo rendrika sy helikôptera nianjera 2

# Manjombona Analanjirofo manjombona i Madagasikara



### Loza 2 tany Analanjirofo 2

# Tokony ho saziana ireo olona ambony tompon'andraikitra





### Parlemantera sy ny antoko TIM 2

# Miara-ory amin'ireo niharam-boina tany Analanjirofo





### Ho avy ny fety 7

# Mbola tsy nahazo ny karamany ihany ny mpiasan'ny Secren



**Raharaham-pirenena** 2

**Voafitaka hatrany ny vahoaka tamin'ity taona 2021 ity**

**Fiainana andavanandro** 6

**Mitazam-potsiny ny mpanjifa sisa ny fitondrana**

**Daka kely**

Ialahy mihitsy ve no teraka Alakaosy no miseho daholo ty loza rehetra ty ry Boaikely a !

Parlementera sy ny antoko TIM

# Miara-ory amin'ireo niharam-boina tany Analanjirofo

Manoloana ny loza nitranga tany amin'ny faritra Analanjirofo: tany Soanierana Ivongo, sy tany Fenoarivo Atsinanana, tamin'ny faharendrehana sambo nahafatesana olona maro, sy ny nianjerana helikôptera ihany koa, ka nahafatesana olona ary nisy koa avotra, misy ny fanambarana avy amin'ny Parlementera sy avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM):

Noho ny loza an-dranomasina izay nahafatesana olona maro, teo anelanelan' Antsiraka sy Andrangazaha any Soanierana Ivongo, ny antoko TIM dia maneho etoana ny fampiononana feno ho an'ny fianakavian'ireo namoy ny ainy ary mankahery azy ireo ihany koa. Miarahaba an'ireo tsy maty fo aman'aina koa izy ireo. Ankoatr'izany, ny Parlementera TIM dia miarahaba ny sekreteram-panjakana miadidy ny zandarimaria tsy maty fo aman' aina:" mafy ny fitaintainana teo amin'ny fianakaviana sy ny namana ary ny vahoaka Malagasy. Mbola velon'aina soa aman-tsara ianao, misy antony izany ary fitahian' Andriamanitra. Mbola maro ny adidy masina miandry anao eto amin'ity firenena ity. Mirary ny hiverenan'ny fahasalamanao haingana, ka handraisanao indray ny asanao. Na aty anivon'ny fanoherana aza izahay dia nahatsapa fa niezaka ianao namerina ny hasin'ny Zandarimaria, ary manantena ny hitohizan'izany izahay", hoy ny fanambarana.



Miara-ory amin'ireo niharam-boina tany Analanjirofo

***Nangonin'i Niaina***

Sambo rendrika sy helikôptera nianjera

# Manjombona Analanjirofo, manjombona i Madagasikara

Sambo rendrika sy helikôptera nianjera, manjombona Analanjirofo amin' izao fotoana, manjombona ihany koa i Madagasikara. Araka ny matoandahatsoratra iray tamin'ny gazety Ny Valosoa vaovao nivoaka farany teo, miaina ao anaty fahoriana, fahantrana, areti-mandoza i Madagasikara amin' izao ankatoky ny fetin'ny Noely sy ny fetin'ny faran' ny taona, iandrasana ny taona vaovao izao. Toa maizina ny faravodilanitra ho antsika arak'izany, midika fa mbola tsy hisy masoandro hiposaka ho an' ny sarambabem-bahoaka amin'ny taona vaovao ho avy afaka andro vitsivitsy io. Ny mpitondra dia efa hita ny fahaiza-manaony, tsy ho Mesia mihitsy hanavotra izay fiainan'ny Malagasy izay, satria azo lazaina ho tsy nahomby ny fijereny ny fiainam-bahoaka tato anatin'ny 3 taona izay, tsy manana politika ho amin'izany fanatsarana ny fiainan'ny daholobe izany izy ireo, ny vahiny vitsy an'isa indray aza no omeny vahana.

**Fisaonam-pirenena**

Fa momba ny loza roa sosona nitranga tany amin' ny faritra Analanjirofo: tany Soanierana Ivongo, sy tany Fenoarivo Atsinanana: tany Mahambo, nataon'ny fitondrana ho andro fisaonam-pirenena anio alakamisy 23 DESAMBRA 2021. Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-1462, manambara fa ny alakamisy 23 desambra 2021 dia andro fisaonam-pirenena eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara, ho fahatsiarovana ireo mpiray tanindrazana namoy ny ainy nandeha tamin'ilay sambo « Francia » rendrika tao Soanierana Ivongo.



*Morontsiraka any amin'ny faritra Analanjirofo.*

Ny fanapahan-kevitra hanaovana fisaonam-pirenena dia raisina aorian'ny tranga na loza mihàtra amin'ny Firenena, na amin' ny mpiray Tanindrazana. Ny Filoham-pirenena no mandray ny didim-panjakana mikasika izany ary mamaritra ny fe-potoana hanaovana izany, izay mety ho 1 andro hatramin' ny 1 volana arakarak'ilay tranga.

Fanapahan-kevitra arapolitika ny fanaovana fisaonam-pirenena ary tsy misy lalàna manokana mamaritra izay tokony hatao rehetra mandritra izany fisaonana izany. Mandritra izany dia tokony hahemotra amin'ny fotoana hafa ireo fety aman-danonana. Mandritry ny fisaonam-pirenena, misaona ny sainam-pirenena manerana ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara. Manohy ny asa aman-draharaha avokoa anefa ny rehetra.

***Isambilo***

Loza 2 tany Analanjirofo

# Tokony ho saziana ireo olona ambony tompon'andraikitra

Loza roa no nitranga tany Analanjirofo ny alatsinainy teo, teo ny faharendrahan'ny sambo Francia tany Soanierana Ivongo, ny ministeran'ny fitaterana no tompon'andraikitra voalohany ny amin' izany. Efa sambo tsy nanara-dalàna, ahoana no tsy nosakanan'ny tao amin' ny fitaterana sy ny mpitandro filaminana miaramiasa amin'izy ireo ity sambo ity, tsy voalohany no nisy loza an-dranomasina toy izao tao amin'iny faritry ny Ranomasimbe Indiana, anelanelan'ny Tanibe Madagasikara sy ny Nosy Sainte-Marie iny. Ny loza faharoa dia ny fianjeran'ny helikôptera nitondra ny Sekreterampanjakana amin'ny Zandarimariam-pirenena, helikôpteran'ny foloalindahy no nitondra azy ireo. Ny ministeran'ny fiarovam-pirenena no tompon' andraikitra voalohany ny amin'izany. Ny angidimby dia tokony tsy hahazo hisidina intsony rehefa dila ny amin'ny 6 ora hariva, tsy voahaja anefa izany, fa nisy ny tompon'andraikitra ambony nandika izany fepetra izany, izay tokony ho saziana.



*Ireo mpanjono nanavotra ny SEG tany an-dranomasina.*

Fa ankoatra izany momba ny fianjeran'ilay helikôtera, nanome lelavola ireo namomjy ny Jeneraly Gelle Serge, Sekreteram-panjakana amin'ny Zandarimariam-pirenena (SEG), ny BNGRC, na ny Birao Nasionaly ho amin'ny fitantanana ny loza voajanahary. Nanome lelavola ho fisaorana ireo mpanarato namonjy ny Jeneraly Gellé Serge, Sekreteram-panjakana misahana ny zandarimaria, sy ny Adjudant-chef Jimmy "mécanicien", niharan-doza teny afovoan-dranomasina ny BNGRC, izay anisan'ny mandray anjara amin'ny asa fanavotana ireo niharam-boina tao aorian'ny fianjeran'ny angidimby teny andranomasina tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity.

Mijery akaiky ny zavamisy sy manampy tosika ny famonjena voina ireo mpiray tanindrazana namoy havana sy naratra tamin' ny filentehan'ny sambo tany Soanierana Ivongo ihany koa ny BNGRC ary nanolotra fanampiana ho famonjena ireo niharam-boina, ka fitaovana maro no entina mbola mikaroka ireo niharam-boina, ahitana: vedety telo (03) , zôdiaka roa (02), « gilets de sauvetage » dimam-polo (50) isa, EPI, DLM ary fiara lehibe 10 t roa (02). Ireo kolonely roa niaraka tamin'ny SEG kosa dia mbola karohina hatramin'izao, tsy mbola fantatra na maty na velona. Harahantsika eo ihany ny ho tohiny.

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Raharaham-pirenena

# Voafitaka hatrany ny vahoaka tamin'ity taona 2021 ity

Hatrany am-piandohan'izao fitondrana izao no niaina tao anaty fitaka ny vahoaka Malagasy. Teo ny fitaka ny amin'ny hampihenana ny vidin-javatra ilain'ny vahoaka andavanandro. Anisan'izany ny sakafo fanjifany, toy ny vary izay nolazaina fa hampidinina 1000 ariary, sy ny menaka ho 2000 ariary ny litatra. Iaraha-mahita sy miaina anefa ny fidangan'ireo sakafo filàna fototra ireo amin'izao fotoana izao, izay miampy ny hena na kisoa na omby. Tsy ireo fotsiny ihany anefa no natao fampanantenana, fa hatramin'ny tany sy trano onenan'ny vahoaka izay tsy misy fitsaharany ny fitarainam-bahoaka ary zary toa tsy misy mpiahy sy mpiaro izy ireo. Manampy trotraka ny tsy fandriampahalemana izay nanaovana fihetsiketsehana be ery tamin'ny fotoanan'ny fianianana teny Mahamasina kanefa hatreto iaraha-mahita ny iainan'ny vahoaka izany.

Fa anisan'ny sehatra iray lehibe nisongadina dia ny namitahana ny vahoakan'Antananarivo renivohitra. Tsy inona izany fa teo amin'ny fampandrosoana ny tanàna. Natao izay nanasana ati-doha ny mponin'Antananarivo amin'ny hoe: Olona mitovy firehana sy fijery amin'ny filohan'ny Repoblika no tokony ho eo amin'ny toeran'ny Ben'ny tanàna. Nambara fa izany no afaka miara-miasa tsara sy mampandroso haingana ity renivohitr'i Madagasikara ity. Dia natao avokoa izay fomba rehetra azo natao nanilihana an'i Neny Lalao Ravalomanana satria antoko manohitra ny fitondrana. Tsy nisy henatra mihitsy ny filohan'ny Repoblika tamin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra, nanosihosy ny lalampanorenana, mba hampandaniana ity olona miara-dia aminy. Dia tafakatra teo amin'ny toerana na dia tsy tamin'ny fomba mazava sy marina aza ny Ben'ny tanàna ankehitriny. Niezaka hanohitra ny fahalianiany izay ny avy amin'ny antoko Tim izay tokony ho lany tsotra izao, fa natao izay fomba rehetra ihany koa hampangina izany. Dia niaraha-nahita ireny ny fihetsiketsahana be, tamin'ny fanohanan'ny filohan'ny Repoblika, ny fampiasana kamiao hitatitra fako fa ny hanadio an'Antananarivo no fanamby fanomezantoky nataon'ity lany tamin'ny mponina nifidy azy. Tany am-piandohana ihany anefa izany, ary miendrika famithama-bahoaka tsotra izao. Firy taona aty aoriana nahateo amin'ny toerana azy iaraha-mahita ny loton'Antananarivo renivohitra. Vao haingana no mody nisy fanomezana kamiao lehibe vitsivitsy, satria tsy nahomby hatramin'izay ny asa fanadiovana sy indrindra ny fanalàna ny fako, kanefa tsy mankaiza firy ny asa.

Tsy eo amin'ity resaka fanadiovana ity ihany no voafitaka ny mponin'Antananarivo, fa eo amin'ny sehatra maro samihafa. Na ny vahoaka Malagasy manontolo aza, tratran'izay. Eo, ohatra, ary raha tsy hilaza afa-tsy izany, ny momba ny IEM izay rehefa hita fa mihitsoka dia mody navadika PEM indray, izay nampanantenaina fa hampahafantarina. Tsy nisy resaka izany hatreto efa ho telo taona izao. Hatraiza ny hamitahana ity vahoaka Malagasy ity? Misy farany anefa izany satria manan-kasina ity vahoaka Malagasy ity na dia entina atao toy ny zaza sy hanaovana antsojay sy famoretana aza. Mbola manana ny hasinay ihany koa ity Nosy ity na dia robaina harena sy hampahantraina aza.

***Sôh'son***

Ny Valosoa sy hadihady

## Filoha Rajoelina Andry
# Navadiny ho vely kibay ny velirano nataony

Nanantena fanovàna maro avy amin'izao fitondrana Rajoelina izao ny vahoaka Malagasy tato anatin'ny telo taona nampindramana azy ny fahefana, ka nilazan'itsy voalohany fa hitodika aty Madagasikara ny mason'izao tontolo izao. Nihevitra ihany koa ny maro fa efa tao anatin'ilay IEM (Initiative pour l'Emergence de Madagascar) izany fiovana izany, kanefa na ny anaran'ity "vina » ity aza dia niova ho PEM, nihofo ho « Plan Marshall » indray ary ny zavatra rehetra nitsangana dia tsy hita soritra tao anatin'ireo, fa tandrametaka sy vonjy tavanandro no betsaka. Nanomboka tamin'ny « faminanian'»ilay vehivavy breziliana fa avy eto Madagasikara no hanavotra izao tontolo izao amin'ny valanaretina covid 19 izany.Toa nitodika teto tokoa ny mason'izao tontolo izao satria nisy firenena afrikana vitsivitsy tonga naka ilay CVO. Nidehaka ny filohan'ny Repoblika fa nandritra ny tetezamita dia tsy nisy fanampiana azo avy any ivelany kanefa dia nahatsangana fotodrafitrasa sy afaka nividy fiaramanidina Airbus roa. Nampanantena koa ny filoha fa ho lohalaharana eo amin'ny lafiny toekarena i Madagasikara aty Afrika, ka hampindram-bola an'i Comores. Rehefa nitsidika tany amin'ny Faritra Atsimon'ny Nosy Rajoelina Andry dia nanambara ho ren-tany ren-danitra, fa tsy hanao politika intsony raha tsy vitany ny làlam-pirenena faha-13. Tsy hanainga zipo intsony ny vehivavy satria tsy maintsy vitany ao anatin'ny valo ambinifolo volana ny làlam-pirenena faha-44. Tsy nisy niraharaha ny tsy fisin-drano tany Atsimo ny fitondrana nifandimby hatramin'ny niverenan'ny fahaleovantena, ka hitarika fantson-drano miainga avy any Avaratra ny fitondrana. Tany amin'ny Faritra Avaratry ny Nosy indray, nampiseho ny fahaizany Rajoelina Andry, fa izy no mifehy ny vidin'ny lavanila maneran-tany, ka hampiakatra izany avo telo heny amin'ny vidiny tamin'izany. Hanangana « Tranoben'ny Lavanila » ihany koa ny fitondrana. Tsy an-jaza, hono, ny miady amin'ireo mpaninjara solika, kanefa tsy matahotra izy fa hampiantso azy ireo ary tsy maintsy midina ny vidin'ny solika.
Nikaikaika ny vahoaka fa tsy mitsahatra miakatra ny vidin'ny entana ilaina andavanandro, ka nanome baiko ny minisitry ny varotra izy, nampidina izany tao anatin'ny telo andro. Tezitra tamin'ny minisitry ny Angôvo Rajoelina Andry noho ny faktioran-jiro miakatra kanefa dia tsy misy fitsaharany ny delestazy maneran ny Nosy. Nanome baiko izy araka izany nanitsiana ny faktiora.
Manoloana ireo fiovàna sy fampandrosoana nanaovan-dRajoelina Andry velirano tamin'ny vahoaka ireo dia nivadika tanteraka ny lalao, ka vely kibay no omeny ny nampindrana fahefana azy. Raha ny ady amin'ny valanaretina dia fahafaham-baraka no azo, tsy ho an-dRajoelina Andry ihany, fa ho an'ny Firenena mihitsy. Tsy nahomby tany amin'ireo firenena afrikana ny CVO, ka tsy nisy niverina na nanao komandy intsony izy ireo. Ny filohan'ny Repoblika koa dia nilaza fa tsy mila manao vaksiny, fa ny CVO ihany no nanasitrana azy mianakavy, kanjo famitaham-bahoaka toy ny mahazatra azy izany, fa tratra ny lainga rehefa namonjy ny fivoriamben'ny Firenena Mikambana, satria efa vita vaksiny izy tamin'ny volana febroary. Ahoana moa no hahafahan'i Madagasikara hampindram-bola an'i Comores kanefa ny laharan'ny Firenena maneran-tany eo amin'ny sehatra toekarena aza faharoa avy any amin'ny farany. Tsy vitan'izany fa ny roambisivifolo isan-jaton'ny vahoaka ato amin'ity Nosy ity dia mahantra avokoa. Efa ela no niandrasan'ny maro ny fametraham-pialan-dRajoelina Andry, satria mandrak'ity ny androany dia tsy mbola vita ny làlam-pirenena faha-13. Araka izany dia sady tsy olona manaja ny teny nomeny izy, no tsy "homme d'Etat". Tsy mahafehy ny resaka varotra iraisam-pirenena ny filohan'ny Repoblika, hany ka miteniteny foana satria ampahadimy ambinifolon'ny vidiny tany aloha sisa ny vidin'ny iray kilao amin'ny lavanila ary tsy mbola mitsangana ny "Tranoben'ny Lavanila". Nihevi-tena tsy ho zaza ihany koa izy, ka nihevitra ny nandresy lahatra ny mpaninjara solika, kanjo nahazo fihenana ariary zato ary hay ny fitondrana mbola nananan'ity farany trosa mitentina aman-jatony miliara ariary ihany koa. Tsy mazava intsony, na tsy mahafehy ireo mpikambana ao amin'ny governemanta ny filoha faratampon'ny mpanatanteraka na ahoana, fa dia tsy mitsaha- miakatra ny vidim-piainana, ka zara raha afa-mihinan-kanina ny sivy folo isanjato maherin' ny gasy, kanefa ny valo isanjato kosa mihosanosana sy miha-be kibo andro aman'alina ary mandimandina tsy misy toy izany. Mandrak'ity ny androany dia tsy mitsahatra ny delestazy na dia efa voaroaka ny minisitry ny angôvo ary mitandahatra miandry rano manoloana ny paompim-pokonolona aza ny "bidons jaunes" aman-jatony maro. Vita soa aman-tsara kosa ny Kianja Barea Mahamasina raha nandaniana fito ambifitopolo tapitrisa dolara, kanefa ny medaly rehetra moa tsy maintsy misy ivohony, ka mbola misy trosa tsy voaloan'ny fitondrana amin'ny sinoa, izay tsy fantatra mazava na eninambinifolo tapitrisa dolara na fito tapitrisa dolara. Izao no tonga amin'ny fitenenana hoe: "teny zato, kabary arivo, fa iray ihany no marina".

***Andry Tsiavalona***

Politika

# Aoka tsy entina mirefarefa ny firenena

Ny tranga niseho farany teto amin'ny firenena, no ohatra azo itarafana mazava tsara fa entina mirefarefa ny fitondrana ny firenena izao. Tsy tsikaritra intsony, ny fanomezan-kasina ny vahoaka Malagasy, izay masimandidy sy manana ny zony eto amin'ny taniny. Ny ambara amin'izany, dia ny nanjo ny vahoaka faly tamin'ny fahatongavan'ny filoha Ravalomanan Marc, sy ny fikasan'izy ireo hiara-paly taminy noho ny tsingerin-taonany. Any amin'ny toerana izay azy manokana "privé" no saika nanatanterahana izany kanefa dia nosakanana. Naparitaka tamin'ny entona lakrimôzenina aza ireo olona saika nandeha hankany amin'io toerana io. Teo ihany koa ny hetsiky ny fikambanana mpiaro ny zon'ny mpanjifa, natao izay nisakanana sy nandravana azy.
Mazava loatra, fa fomba fitantanana firenena mirefarefa izany n'inona n'inona fanazavana, ary ireo tranga roa ireo dia porofo maneho miharihary izany. Aoka hatsahatra izany fomba fitondrana izany, fa efa mahantra mahavariana any ivelany ny Malagasy no mbola atao toy izany koa ny firenena.
Azo ambara mazava fa mena-mitaha ary tsy afaka hilahatra velively mihitsy, ohatra, amin'ireo firenena Nosy rahavavy toa ny Nosy Maorisy i Madagasikara manoloana izany. Vao oviana ny tao amin'io Nosy io no nisy hetsika fidinan'ny vahoaka an-dalambe, fa nisy tsy neken'ny sain'izy ireo, fa nalalaka tamin'izany fanehoankeviny izany ireo vahoaka Maorisianina. Ilaozan'ny olona lavitra isika eto Madagasikara ary tsy miezaka handroso mihitsy raha ny fahitana ny fihetsik'ireo mpitondra fanjakana sy ireo manam-pahefana eto. Mba resaka poak'aty fotsiny ny an'i Andry Rajeolina, ka mba natao toy ny fanaony, fa ny hoe firenena ho tonga môdely aty Afrika izany, "lavitry ny afo ny kitay". Aty amin' ny Ranomasimbe Indiana dia efa tsy lazaina intsony, ny Nosy Kaômôro aza ankehitriny efa mandroso mihamanalavitra miandalana an'i Madagasikara koa. Mampalahelo isika.

***Sôh'son***

TONONKALO

## ITY NOELY ITY ANIE

Ity Noely ity anie mba ho Noely famonjena ,
Ka ireo olon-tsy mitafy , mosarena , mahonena,
Dia hahazo izay lazaina fa hoe hanina sahaza,
Ka ho hainy ny hidera ilay Mpanjaka manan-daza.

Ity Noely ity anie mba ho Noely tena miavaka,
Ka tsy ho endrika ety ivelany no isehoan`ny mpivavaka.
Fa mba ho asa tena mendrika no irina hilofosany,
Ary hoezahiny ny hamita ireo adidy tsy tontosany.

Ity Noely ity anie mba ho Noely fihavaozana,
Ka ny toetra tsy mahomby dia avela sy ilaozana.
Ireo lazaina ho mpitarika , ireo `zay manan-tsai-maranitra,
Dia hanaiky indray hiverina , hankato an`Andriamanitra.

Ity Noely ity anie mba ho Noely fanafahana,
Ary hanaiky ireo mpitondra hampiato irony famitahana.
Ka ny teny izay lazainy , tena mba hotanterahiny ,
Dia hifaly ny vahoaka fa ho foana ny ahiahiny.

Ity Noely ity anie mba ho Noely fampihavanana
Ary ireo izay nifandrafy , ho vonona hifanolo-tanana.
Dia ho samy resy lahatra fa ny mihavana no tsara
Sy hany lalana hampivoarana an`i Madagasikara.

***SEDERA RAVALISON***

VOINA TANY SOANIERANA IVONGO

# Manodidina ny 80 hatreto no namoy ny ainy

Mbola mitohy hatramin' izao ny fikarohana ireo niharam-boina, tamin'ilay loza an-dranomasina nitranga tany Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo ny alatsinainy teo. Mifarimbona manatanteraka izany ny fokonolona, ireo mpamonjy voina samy hafa, na avy amin'ny foloalindahy izany, na avy amin'ny sehatra hafa. Hatreto araka ny vaovao voaray, manodidina ny 80 eo no namoy ny ainy noho ny faharendrehan'ny sambo Francia. Araka ny tatitra azo tamin'ny tapany maraina omaly, tafakatra 114 amin'ireo olona 138 voalaza fa nentin'ilay sambo FRANCIA III, no hita ka tafakatra 50 ireo olona avotra soa amantsara ary 64 kosa no efa tsy misy aina intsony. Mitohy hatrany ny fikarohana, ka



*Razana anisan'ny hita omaly.*

manamorona ny sisintanin'ny Nosy Sainte-Marie, no misy ireo sambo 02 mpikaroka izay ahitana ny sambon'ny APMF (DIVA) sy ny sambon'ny Marine Nationale (Zodiac). Manampy amin'izany ihany koa ireo mponina manamorona ny sisintanin'i Soanierana Ivongo. Entanina hatrany isika rehetra any an-toerana mba hampandre ny manampahefana sy ny solontenan' ny APMF akaiky indrindra raha mahita zavatra hafahafa mifanaraka amin'izay. Manantitra ny fiarahamiory amin'ny fianakavian'ireo niharam-boina ihany koa ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

***Stefa***

**FIKAMBANANA DONNONS NOUS LA MAIN**

# Nanome fanampiana ho an'ny kamboty ao amin'ny Akany Avoko

Mitohy hatrany ny hetsika sosialy ataon'ny fikambanana Donnons nous la main, izay tarihin-dRamatoa Samirah amin'izao fetin'ny Noely sy ny faran'ny taona, hiandrasana ny taona vaovao izao. Taorian'ny teny amin'ny kaominina Ambatofahavalo Atsimondrano, sy Anosiala Ambohidratrimo dia ny toerana fitaizàna zaza kamboty sy sahirana teny amin'ny Akany Avoko Ambohidratrimo indray, no notolorana fanampiana toy ny vary, voamaina, menaka, rononon-jazakely, siramamy, vatomamy, savony ary vovon-tsavony. Natao izao fanampiana izao hoy ramatoa Samirah, ho fanampiana ny Akany Avoko amin'ny ezaka ataony amin'ny fitaizàna ny zaza kamboty sy niharan'ny herisetra samy hafa. Rehefa nomena sy afaka manampy dia rariny raha manolotra ho an'ny tsy manana. Tsy hijanona fotsiny amin'izao ny fanampiana hoy izy, fa hanao araka izay vitany ny fikambanana amin'ny manaraka. Ny talen'ny Akany Avoko, Lalasoa Andriandanja dia naneho fisaorana ny fikambanana Donnons nous la main . Mamelontena ny Akany hoy izy, ka mila fanampiana avy amin'ny malala tanana toa anareo, hitsinjovana ireo zaza taizàna . Marihina fa mampianatra ny ankizy hatrany amin'ny kilasy famaranana sy eny amin'ny Anjerimanontolo ny Akany Avoko Ambohidratrimo . Misy ny tobimpahasalamàna ao an-toerana. Anisan'ny fiveloman' ny Akany ny taozavatra, saribao vita amin'ny fako atao ao an-toerana, serviette lavable,… mba fidiram-bola hanampiana ity foibe ity.


*Ny fanolorana fanampiana, teny amin'ny Akany Avoko Ambohidratrimo.*

**Helisoa**

**Volley-ball vehivavy maneran-tany**

# Voahosotra ho tompondaka ny ekipa tiorka Vakinfbank

Nifarana tamin'ny alahady 19 desambra 2021 teo, tany amin'ny kianja "salle des sports Ankara" any Turquie, ny fifaninanana fiadiana ny ho tompondaka eran-tany eo amin' ny taranja volley-ball isantarika vehivavy, nokarakarain'ny FIVB « Fédération Internationale de Volleyball ». Voahosotra ho tompondaka tamin'izany ny ekipan'ny Vakifbank avy any Turquie rehefa nandavo ny ekipa italiana, izy ireo arak'izany no voahosotra ho "champion du monde des clubs de volley-ball feminin", rehefa nandresy ny ekipa italiana Imoco Volley Conegliano tamin'ny lalao famaranana. Tamin'ny seta 3 noho 2 (15-25, 25-22, 22-25, 25-22 ary 7-15) no nisarahan'ny roa tonta. Faninefany izao, no nandrombahan'ny Vakinfbank an'ity amboara ity. Ny ekipa tiorka Fenerbahçe Opet no nitana ny laharana faha-3, rehefa nandresy ny ekipa breziliana Itambé Minas tamin'ny seta 3-0 teo amin'ny lalao fiadian-toerana.


*Ny ekipan'ny Vakinfbank Turquie.*

**Rainilita**

# Mazotoa mihira

***Manjombona ny lanitr'i Madagasikara amin'izao fotoana noho ny fahoriana mianjady amin'ny firenena, mizaka hazo fijaliana ihany koa ny ankamaroan'ny olona noho ny fahantrana sy ity valanaretina mianjady amin'izao fotoana ity. Hira momba an'izay no atolotra anao androany : Hazo fijaliana, tarika Rambao. Koa dia mazotoa mihira ary e!***

## Hazo fijaliana

### Mpihira : Tarika Rambao.

Mangeja loatra ny ziogan'ny ankaso
Mila hamono hanakenda mandatsa-dranomaso
 Enta-mavesatra no mbola ho zakaiko
Mba hatataovy kely ange fa reraka ny aiko
 O! nankaiza ianao ry vintako ô!
Moa ve dia nandao
Ry fijaliana ô ! aza hitako
 Matesa any hianao
 ÔÔÔ! Mampitomany
 'Zany fiainan'an-tany

Mavesa-danja re 'zany entako izany
 Mba ampindramo tanana aho eh fa honerako ihany
 Nanandran'aho ny mba hanao dia mianoatra
 Nefa tandindona no teo dia ny lalan'any ankoatra
 O!mba zovy loatra ho'aho ry lahy no hafaka hanala
 Hanal'ahy tsy amin'ahiahy
Ami'ty rano mamanala
 O!ry sompatr'ô nahoana
 No dia mandrava laka foana

Toa very lalan'aho kanefa be adidy
 Rahoviana ihany no ho foana 'ty kapoaka mangidy
 Toa sambo rendrik'aho ka diso fitobiana
Esory amiko ry Ray ô 'ty hazo fijaliana
 O!toa tany karakaina ho'aho
 'Zao misy ahy izao
Moa ve hijaly 'zany saina
 Ry lanitr'ô ambarao
ÔÔÔ ry tany
Aza mampitomany



## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy anana epinard** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ridritra izany, na hatao ketsaketsa ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny fomba fitsaboana ny mandeha ràn'orona

Ny fomba fitsaboana ny mandeha ràn'orona indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny antony mety hahatonga ny ràn'orona aloha dia: tsy fahampiana vitamine k1, tosi-drà avo, aretin'ny aty , fahasimban'ny aty; fihinanana fanafody anticoagulant (ohatra : aspirine). Fisotroana zavapisotro misy alkaola; fifohana sigara , zavamahadomelina. Aretina Cancer, hafanana be ( andro mafana ), kohaka , sery, sns... Mitondra vohoka.



Zavatra tokony atao rehefa mandeha rà orona:
1- Mipetraka mahitsy tsara,
2- Miondrika , mijery ambany dia potserina ambony orona tahaka an'io amin'ny sary io,
3- Afaka maka huile coco pure, maka kely amin'ny fanondro dia atao anaty orona ilay mandeha rà,
4- Afaka mampiasa huile essentielle lavande 2 goty atao amin'ny landihazop na coton dia atao eo amin'ny lavaky ny orona mandeha rà ilay coton misy huille essentielle mandritra ny 3 ka hatramin'ny 5 min.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Tsararano any amin'ny distrikan'i Marovoay, faritra Boeny

Ny tanànan'i Tsararano any amin'ny distrikan'i Marovoay, faritra Boeny indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Tsararano ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 13 mandrafitra ny distrikan'i Marovoay. Any afovoany atsinanan'ny faritra Boeny no misy azy. Iva toerana ity tanàna ity, satria 7 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Toy ireo kaominina ao amin'ny distrikan'i Marovoay, vokatra any an-toerana ny vary. Hita any koa ny haninkotrana isan-karazany, toy ny katsaka, ny mangahazo. Ny voankazo toy ny manga, ny mahabibo, ny voasarimakirana, ny voamadilo.





## NY TENY FIAINANA

*"Fa tsy misy velon-ko an'ny tenany isika, ary tsy misy maty ho an'ny tenany."*
***Romana 14:7***

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro VAOVAO (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

## Sambo rendrika sy helikôptera nidaraboka tany Analanjirofo, be ny fanontaniana mifamahofaho



**Anthelme Ramparany :** eny ary, tao anatin'ny fahatairana moa dia samy feno rano ambava, fa misy fanontaniana vitsivitsy kosa ao an-tsain'ny Malagasy sasany tsara mba hisy fanazavana.
1) inona ny antony tena nahatonga ny sambo afaka niala tany an-toerana niaingany, tsy nisy fitsirihana nataon'ny APMF ve momba ny isan'ny mpandeha sy ny lakana izay niondranana? maninona no mbola niampy ihany ireo mpandeha tonga teo Soanieran'Ivongo na dia efa feno aza ny lakana?
2) inona ny andraikitry ny minisiteran'ny fitaterana manoloana izany?
MIKASIKA NY HELICOPTERE
1) maninona no nisy mecanicien nampiarahina tamin'ilay helicoptere iray? efa fantatra ve fa misy tsy fahatomombanana io fitaovana io?
2) maninona no PM sy ny MDN no iray helicoptere nefa hierarchie mifanakaiky? raha ny tokony ho izy mantsy dia ny PM sy ny SEG no miaraka avion dia ny MDN avion hafa.
3)maninona ny helicoptere no tsy nijanona tany amin'ny toerana naha alina azy fa nandeha ihany tamin'ny 7h hariva nefa helicoptere tsy afaka manao vol de nuit?
4)raha latsaka ny helicoptere iray, naninona no tsy nampandre ny vahoaka manodidina ny PM sy ny MDN, satria fantatra fa manana ny fahaiza-manao amin'ny fandehanana andranomasina ny olona mpanarato ary amin'ny 7ora hariva ny fandehanan'izy ireny miandriaka ary miverina amin'ny 4 maraina matetika.
Tsy nisy fitaovana toy ny vedette rapide ve azo nalefa tamin'ny alina raha vao niseho ny loza? (misy fanomezana avy tamin'ny japonais vedette rapide 3 tamin'ny fitondrana teo aloha.)
Maninona no efa tara vao namoaka filazana ny Presidence?
isaorana ny HVM tamin'ny alalan'ny Coordinateur National Rivo Rakotovao namoaka avy hatrany na dia tao amin'ny fahatairana aza.
Betsaka ny fanontaniana mifamahofaho ka tsara mba hitondrana fanazavana ihany.

**Anthelme Ramparany :** misy ny manao valy boraingina sy manamaivana ny fanadihadiana nefa tsy maninona izany fa azo hitarafana ny toetsain ny tsirairay sy ny fanabeazana azony ny fanehoankeviny. Tsy mitovy ny préoccupation tsinona dia tsy hifanomezantsiny.

**Miora Razanaparany :** tsy atao mahagaga zany fa ny eo ambany orony ihany no hitan'ny sasany, azo itarafana zavtr bdb zan.

**Vladimir Collins :** mihinana ny nazo anao any andafy ka efa te hody aty antanindrazana, ka te hamadika saimbahoaka mba hanaratsiana ny fitondrana. Maro halatra nataonareo Hvm teo nangina dahôly ny vahoaka. Eto anao te hamorona hevitra ary mahita holazaina amin'izao loza niseho izao. Raha madio anao media aty an-tanindrazana manampy hampandroso ity firenentsika ity.

**Arthur Raveloarison :** amiko Mr Le Ministre. Iany andro isika mametraka fanontaniana, fa vokatry ny goragora eo @ Administration io. Ireo: tsis manao ny asany daholo ireo olona mpanaramaso..systeme d'administration maty daholo no misy eto Mscar.

Nomena Rakoto : nolazaina fa tsy nahazo alalana handeha nefa mbola nandeha ihany ,donc tsy misy fanarahamaso izany ilay sisin-tany.

**Jean Francisco Rakotozafy :** efa anisan'ireo manelingelina ny sasany ny SEG ka atao amin'ny fanaovan'i Deba azy fahiny. Sendra général innocent moa izy ity dia nasehon'Andriamanitra ny heriny. Toa olona efa niniana nariana izy fa mbola Avotra Soa amantsara. Hanao ahoana ny tohiny ?

Lalatiana Rakotoarivony :tsy misy mafy saina am lay conscience pro zany fa d mifou d hoe hiasa hariva d hande hirevy d avy eo mody … d zao ny vokany!

**Arthur Raveloarison :** zaho anie tsy nanononana HVM na TIM na MAPAR… tsy question n'antoko politika ity fa question approche systemique. Parcontre ny olona eo @ fitondrana no tokony hanatsara na hanova ireo rafipitantanana tsy mety rehetra satria izay no antom-pisiany eo @ fanjakana.

**Bonat Xavier Andriamilantoarivony :** ny anatra azo tsoahina amin'ny fiainana aloha rehefa nandinika ity tranga ity dia izao: Rehefa manana olana amin'ny fiainana ianao na inona na inona manjo anao, na toy ny nanjo ny SEG, na voina hafa, na aretina, na tsy fisiana lalina dia ny herinao ihany , saina ampiasao, herin-tsandry, ny mpiara-monina ihany koa. Fa aza manantena na miandry fanjakana hanafaka anao izany mihitsy. Namana akaiky azy ary io niady irery tany, mainka fa vahoaka madinika!

**ORANGE PRO LEAGUE 2021/2022**

## Lalao mihoatra ny 84 no halefa mivantana amin'ny Gasy Star

Nahavita fifanaraham-piaraha-miasa tamin'ny faha-18 desambra 2021 lasa teo, teny Ankorondrano ny fikambanana CFEM "Clubs de Football Elite de Madagascar" mpikarakara ny lalao baolina kitra D Orange Pro League, sy ny orinasa Startimes, fa halefa mivantana ao amin' ny "chaîne" Gasy Star, ao amin'ny Startimes avokoa ireo lalao mihoatra ny 84 isa amin'ity taom-pilalaovana OPL 2021/ 2022 ity. Tsy ho olana eo amin'ny mpitia baolina kitra Malagasy, araka izany, ny hanaraka an' ireo lalao hirian'ny fony, na dia eo aza ny fepetra navoakan'ny CFEM, fa hatao "à huis clos" avokoa ireo lalao hatao eto amin'ny Faritra Analamanga sy any Vakinankaratra ary any Matsiatra Ambony, noho ny fihanaky ny tsimokaretina covid-19 eto amintsika indray. Marihana fa mandritra ny 10 taona no faharetan'io fifanarahan'ny CFEM sy STARIMES io.

***Rainilita***




*Fifanarahana teny Akorondrano.*

**Seksiônan'ny Basikety eny Atsimondrano**

## Miatrika fiofanana mpanazatra Young Coach

Nanomboka tamin'ny talata 21 desambra 2021, ny fiofanana ho mpanazatra "Young Coach", izay karakarain'ny Seksiôna Baskety Atsimondrano, ary iarahana amin'ny FMBB sy ny CEBB. Mitarika izao fampiofanana izao Andriamatoa RAZAFIARIVONY Angelot Solofohery (Instructeur FIBA Afrique), sy Ramatoa RANDRIANJATOVO Hélina ( Formatrice Nationale). Miisa 55 ireo mpiofana, ka 16 amin'izy ireo no vehivavy raha toa ka 39 ny lehilahy. Mizara roa ny fiofanana, ny tapakandro maraina dia ny fampiharana eny ambony kianja (Pratique sur terrain), ary ny tapakandro hariva kosa dia fampianarana anaty efitrano (Formation théorique). Mizotra isan'andro ny fiofanana ary tsy hifarana raha tsy ny faha-29 desambra 2021 hoavy izao.



*Ireo mpiofana eny Atsimondrano.*


***Rainilita***

**Basket-ball**

## Festival Vanille hatao any Sava

Hanomboka anio alakamisy any Antalaha Kopakopaka 2021, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alakamisy 30 desambra 2021 ho avy izao ny "Festival Vanille 2021" eo amin'ny taranja basikety na ny Antalaha Kopakopaka 2021. Ny seksiônan'ny basikety any Antalaha eo ambany fiahian'ny ligim-paritry ny basikety any Sava no tompo-marika amin'ny fikarakarana ny fifaninanana. Hisy ny lalao ho an'ny sokajy "Open Hommes par club", sokajy "Open Dames par club na fokontany", sokajy Vétéran "par club na fokontany", sokajy U16 G "par club na fokontany", sokajy U12 G ary U12F "par club na fokontany". Hisy ihany koa ny "Concours Dunks" sy "Concours Tirs à 3 points" sy "Coucours Tirs à partir du centre » ary fanetsiketsehana maro samihafa.

***Rainilita***




*Festival Vanille any Sava.*

FIAINANA ANDAVANANDRO

# Mitazam-potsiny ny mpanjifa sisa ny fitondrana

Noezahin'ny fitondrana, tamin'ny alalan'ny fanirahana ireo olona rehetra eo ambany saokany azony baikoina, ny nandrava ny hetsika fitakiana nataon' ireo fikambanan'ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa ny zoma 10 Desambra lasa teo iny. 13 andro aty aoriana tsy re intsony izay tohin'ny hetsika. Izay rahateo no tadiavin'ny fitondrana ahatongavana ny hanginan'ny vahoaka sy tiany hiharitra ny mafy amin'ny fiainany andavanandro eo na tsy zakany aza. Iaraha-mahita anefa ny fidangan'ny vidim-piainana sy fiaka-bidin'ny zavatra rehetra indrindra amin'izay ilaina, mba hiatrehana ny fety ho avy afaka andro vitsy. Izay no tian'izao fitondrana izao sy ireo miaradia aminy rehetra iainan' ny vahoaka Malagasy. Ny politika malotony, dia avy eo izy mody mizara fanampiana etsy sy eroa amin'ny toerana maro samihafa, mba hisehoana fa mahatsiaro ny vahoaka tokoa izao fitondrana izao ary mahatsapa ny fahoriany. Lalaovina sy anaovana politika ilay fahantran' ny vahoaka Malagasy, mba hahafahana mihazona ny seza sy ny fitondrana ary mba higalabonana hatrany amin'ny harembe. Tsy fomba fitondrana firenena mendrika izany. Etsy ankilan'izay ihany koa, ilay fitondrana mita-



zam-potsiny tsy misy afitsoka, manoloana ny sondrobidim-piainana mamely ny sarambabem-bahoaka. Tsy misy ny vahaolana mahomby nentiny na dia mody niseho nidina teny ifotony andro maromaro lasa izay nijery ny vidin'entana aza ny minisitra misahana ny varotra Edgar Razafindravahy sy ireo mpiara-miasa aminy. Ity ministra ity rahateo dia sahin'ny depiote no nilaza azy fa aotra (0) ny naotiny amin'ny fitantanana ity sehatry ny indostria sy ny varotra ity eto amintsika, izany hoo tena tsy mahomby koa toy ny teo alohany. Tsaroantsika ilay ministra "kapoaka". Tamin' ireny fotoana ireny dia efa hita avy hatrany ihany koa fa tsy hahomby ny asa ataony, fa mba miasa fe miasa, sy hitan'ny filohan'ny Repoblika, dia izay. Ny asa ataon'izao fitondrana izao amin'izao faran'ny taona izao dia tsy hanova ny fiainam-bahoaka velively. Ny fihanaky ny valanaretina rahateo ity manomboka mandona ny fivelomany indray, toy izay efa nisy teo aloha rehetra, izay tsy mbola tafarina aza mandraka ankehitriny.

***Radafy***

FJKM Ambohijanaka Gara Fitiavana

# Namarana ny fetin'ny taranaka ny alahady teo

Alahady alohan'ny krismasy isan-taona dia mamarana ny fetin'ny taranaka, ny Fjkm Ambohijanaka Gara Fitiavana, synodamparitany Antananarivo atsimo. Nidirta indroa ny fiangonana izay notarihan'ny mpitandrina eo an-toerana, Baholimiaranoro Olga Sylvère mpitandrina. Anisan'ny asan'ny fiangonana ankehitriny ny famitana ny tamboho atsimon'ny fiangonana, izay hametrahan'ireo sampana valo ny tsara ho fantatra ao anatin'ny tetiandron'ny fiangonana sy ny sampana samihafa. Nanome làlana mirefy iray metatra, ho an'ny kaominina Ambohijanaka moa ny fiangonana satria tamboho no mampisaraka azy ireo ary mbola mitohy hatrany ny fanentanana, amin'ny famitana ity fotodrafitr'asa ity.

Ny alahady 19 desambra lasa teo ihany koa, no namaranana ny jobily faha-50 taonan'ny sampana dorkasy ao amin'ny Fjkm Ambohijanaka Gara Fitiavana. Voahaja hatrany ny sakana amin'ny hamehana ara-pahasalamana, ary fandraisana ny fanasan'ny tompo no namaranana ny fotoana teny an-toerana.

***Rajo***



*Ny sampana Dorkasy ao amin'ny FJKM Ambohijanaka Gara Fitiavana.*

Sosialy

# Mbola an-tsirambina ny fitandroana ny fahadiovana sy fidiovana

Na dia teo aza ny firotsahan'ny orana tao anatin'ny roa andro teo aloha, ny hita omaly dia somary nadio tsy mena na mavo ny ranon'Ikopa. Raha nandalo ny tetezan'Ampasika iny ny omaly maraina dia tsy hita izay lokony milaza mavomavo fa tonga namana, mampiavaka an'Ikopa izay rehefa avy orana toy izany. Io rano io anefa no anasan'olona marobe lamba, ary na tonga amin'izay lokony izay aza izy dia mbola misy manasa lamba ihany fa mihena fotsiny ny isan'izy ireo.

Saika hita ihany koa io rano tsy madio fa anasan'olona ihany io, toy ny eny amin'ny lakandrano kely mamakivaky ny fokontanin'Ampefiloha Ambodirano iny. Tena hita izao fa maloto ilay rano noho ny fako sy loto ao anatiny sy amin'ny sisiny, fa mbola misy manasa lamba ihany. Azo inoana fa hadio ve ny lamba nosasana amin'ireny rano ireny sy ny akanjo itafiana avy eo?



*Ny tetezan'Ampasika.*

Izany toe-javatra izany no iainan'ny vahoaka eo amin'ny fiainana andavanandrony eo. Amin'ny reniranon'Ikopa aza, mbola misy indray ankizy sy zatovo milomano, indrindra rehefa amin'ny fotoana na andro mafana sy tsy miakatra be ny rano. Rano tsy madio no anasana lamba sy ilomanosana.

Misy minisitera miandraikitra ny fidiovana sy fahadiovana eo anivon'ny fitondram-panjakana, fa toa tsy mihevitra ny ho voakasika ny amin'izany. Tsy hita soritra izay asa na ezaka na fanentanana fotsiny ataony momba izany ho an'ireny mponina voakasik'izany, fa toa variana any anaty biraony any na mifidy fotoana sy toerana idinana. Tandindonin-doza anefa ny fahasalamam-bahoaka ao anatin'izany. Avy eo indray, rehefa zava-mitranga vao mody mikoropaka, fa ny fisorohana mialoha ny zava-hitranga tsy hain' izao fitondrana izao mihitsy. Mila mahita asa mivaingana ny olom-pirenena, fa tsy atao asa isehosehoana fotsiny ny antematemaka na lasan-ko vavany fotsiny toy ny natao hatramin'izay.

***Radafy***

Badminton tompondakan'i Madagasikara sokajy zokiny

# Nifarana tamin'ny alahady 19 desambra 2021 lasa teo

Nifarana tamin'ny alahady 19 desambra 2021 lasa teo, tao amin'ny kianja mitafon'ny ANS Ampefiloha, ny fifaninananam-pirenena teo amin'ny taranja Badminton sokajy zokiny. Fantatra tamin'izany ireo tompondaka vaovao'i Madagasikara eo amin'ity sokajy ity. Marihana fa mpandray anjara niisa 87 avy amin'ny Ligim-paritry ny Badminton 3 : Analamanga, Vakinankaratra ary Atsinanana, nahitana klioba 9 : Mb2All, Baobad, Lcsmi Itaosy, Sci Itaosy, St Jo Mahamasina, Vttk Ivato, Manjakandriana Bc, EastDad, Antsirabe Badminton, no nandray anjara tamin'ny fifaninanana. Fantaro ary ireo tompondaka 2021 : Simple Homme Série A : Randriamalala Julio Keman (Baobad) nandresy an'i Tokinirina (Mb2All) seta 2-



*Lalao Badminton eto amintsika.*

0 , Simple Dame Série A : Razanamaly Soaniaina (Mb2All) nandresy andRazafimamonjiarison (Mb2All) seta 2-1 (21-15/11-21/21-17), Simple Homme Série B : Rakoto-Harivelo Lanja nandresy an'i Fidelis (Vttk Ivato) seta 2-1 (23-24/21-14/21-16, Simple Dame Série B : Rakotovao Tsiory (Antsirabe Bc) nandresy an'i Serennah (Mb2All) seta 2-0 (21-12/21-19), Simple Homme Vétéran : Rakotomalala Jean Claude (Mb2All) nandresy an'I Albin (Lcsmi Itaosy) seta 2-0 (21-10/21-08), Simple Dame Vétéran : Rasolonoelina Sahondra (Baobad) nandresy an'i Ursule (Baobad) classement direct , Simple Homme Série C : Randrianarivelo Francki (St Joseph Mahamasina) nandresyan'i Hugot (Sci Itaosy) seta 2-1 (21-02/16-21/21-14), Simple Dame Série C : Raoelisoamanalindraibe Sitraka (Sci Itaosy) nandresy an'i Daniella (Lcsmi Itaosy) seta 2-0 (21-20/21-17) , Champions Double Mixte : Randriamalala (Baobad) sy Sahondra Rasolonoelina (Baobad).

***Rainilita***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa sy izay mety hiantefany izao manaraka izao.

Salama Tompoko!

Iza no tena responsable an'io accident io, fa mivarotra ny ainy tsy fidiny ny zandry:

1/Iza no mbola nanome baiko hoe afaka misidina ny hélicoptères, anefa efa + de 18h, à 19h. Tany daholo PM, MDN sy SEG! Iza t@ izy ireo no nanome alalana. Toa efa nalaina ny Mpanamory gasy!

2/ Maninona no any @ helico bimoteur no mandeha i PM sy MDN, fa ny zandry no asaina mi-risika amin'ity helico Monomoteur no sady pièce atambatambatra. Dia lazaina fa ilay vazaha no mahay!

3/ inona no efa fantatr'i Lt-Col Rakotomiliarison no nahatonga azy nitondra Mécanicien.

4/ Nota: Ary aiza ity ministre ny transports, premier responsable ny fitateran'Andranomasiana no tsy namonjy tany Sonierana Ivongo ireo trà-doza! Fa ireto milices ireto no nandeha irery tany!

Ankoatr'izany, ny convois militaires dia mahavoasazy ny chef de bord ny mandeha aorinan'ny @ 18h.

Mahery vintana ve i PM? Depuis 2019, roa izay ny colonels maty tao akaikiny tao. Col Roger (la 20) t@ 2019 (intendant de palais de Mahazoarivo), Col DS-ny ity (la 21) indray izao! Morts subites avokoa!

Ny mahagaga, notre chef de guerre: "Vao naheno ilay helico nianjera hono i PM, tonga dia nivalana, dia lasa nankany Tamatave."

Fa tsy azo nosorohina ve izao loza izao ? tsy izay manjary manao werwera hoe miasa mafy anefa resaka tandrevaka no nahafaty olona. Tsy nisy contrôle de procédure (transport clandestin), Tsy nisy ny respect de procédure (vol de nuit d'un helico militaire). Ampieritreretana ireo rehetra tompon'andraikitra izao voalaza izao !

***Ramananjato Adrien***
***Ampasambazaha, Fianarantsoa.***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 11/12/2021 hatramin'ny 18/12/2021**

- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1246-12-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### OLAN'NY RANO ETO AN-DRENIVOHITRA

# Sokajin'olona maromaro nihaona tamin'ny ao amin'ny JIRAMA

Mpanjifa maromaro: solontenan'ny firaisamben'ny mponina, ny fiombonamben'ny mpamboly sy mpiompy ny talata hariva teo, no noraisin' ny tale jeneraly mpisolo toeran'ny orinasa Jirama Rivo Radanielina sy ireo mpiaramiasa aminy akaiky, niaraka tamin'ireo teknisiana momba ny rano teny Mandroseza. Resaka rianaratra, jiro sy rano no votoatin 'ny fihaonana, nefa amin'ny maha-Mandroseza ny toerana dia ny rano no nahazo vahana, nefa ny jiro dia mbola azo jerena akaiky toy izao ihany eny am-potony. Ny rano dia hita sy tsapa fa tena ilaina, ka mahatonga ny fanontaniana matetika manao hoe: ampy sa tsy ampy amin'izao vanim-potoana iainantsika izao? inona no mampaloto ny rano rehefa any amin'ny mpanjifa? Ny famatsian-drano ve mifidy olona sy kartie? Teo koa ny hoe: iza no tena mijery akaiky ny compteur? Teo no nahafantarana ohatra, fa ny rano izay tapatapaka tato ho ato dia tsy avy eny am-potony fa eny anelanelany, izany hoe: ireo izay miala avy eny amin'ny tranon-drano mamonjy paompy sy tokantrano no matetika tratry ny loza, noho ireo fantsona samihafa efa antitra loatra any ambanin'ny tany any, izay tsy maintsy vonjena hoy ny tale jeneraly mpisolo toerana, ka mahatonga io rano io ho kely fandeha.



*Ny tale jeneraly mpisolo toerana ao amin'ny Jirama, Rivo Radanielina.*

Ankilany koa anefa, mihena ny hery manosika azy ireny raha sanatria misy làlan-drano simba na vaky, ka miteraka tsy fahatombonana amin'ny mpanjifa manodidina. Ny rano maloto dia vokatr'ireo fitaovana efa tranainy ihany koa, ka rehefa misy fahatapahany kely, dia misedra loto rehefa mitohy avy eo. Ny mpanaramaso Compteur indray dia efa miezaka mandefa olona matotra ry zareo, nefa mila ny tompon-trano hatrany, mba hampizotra ny asa tsara, ary ireo izay tonga mivantana dia azo ekena rehefa mifampatoky. Noporofoin'ireo mpanjifa tonga teny rehefa avy nijery ireo fitaovana fanadiovan-drano, dia madio sy azo antoka amin'ny lafiny rehetra ny rano miala eny Mandroseza, azo sotroina tsara. Mibahana ny sain'ny rehetra dia hoe: tokony hasiana fanarahamaso akaiky toy izao avokoa ny orinasa mpamokatra iray, mba hahafahana manamarina ny zava-mitranga miditra any an-tokantrano sy ampiasaina matetika. Ny tompon'andraikitra dia nilaza fa 24 km amin'ny 90 km no efa vita tanteraka ka mahatonga azy ireo hanamafy fa tsy ny rano no tsy ampy, fa ny lalan-kalehany amin'ny famatsiana no efa be simba sy an-dalam-panavaozana, tsy mifidy toerana sy kartie, fa efa atao izay mety sy mahasoa, fa mila mihafy kely hoy ny Jirama mba hananana ny soa avy eo. Ny toky fitaka fa ny atao no hita, mbola tsy mandeha aloha ny rano amin'ny faritra maro eto an-drenivohitra sy ny manodidina amin'izao, na efa latsaka aza tato ho ato ny orana.

***Beharo***

Ho avy ny fety

# Mbola tsy nahazo ny karamany ihany ny mpiasan'ny Secren

Ho avy ity ny fety: fetin'ny Krismasy sy ny fetin'ny faran'ny taona hitsenana ny taona vaovao, nefa mbola tsy nahazo ny karamany ihany ny mpiasan'ny Secren any Antsiranana. Mitaky ny karamany tsy voaloa ireo mpiasa. Nandritra ny herinandro lasa teo, nitohy tamin'ity herinandro ity, tsy mitsahatra manao hetsika fitakiana ireo mpiasa ao amin'ny orinasa SECREN S.A. (Société d'Etudes de Construction et Réparation Navales) any Diego. Teboka maro no takian'izy ireo: karama amam-bolana maro tsy voaloa; tsy fisitrahana ny volan'ny Cnaps, izany hoe ny fiahiana ara-tsosialy; tsy fahaiza-mitantana ataon'ny tomponandraikitra. Nanamafy izy ireo fa hitohy ny grevy ary tsy hitsahatra raha tsy mivaly ny fitakiana.

***Stefa***




*Ireo mpiasan'ny Secren mitaky ny karamany.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 378**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0377)

***Mitsivalana***
- Tantsaha
- Aloa – Fe
- Ranomena
- Oly – V(av(a)
- TV – Any
- Rà – Noana
- Aoka ! – Ro

***Mitsangana***
- Taratra
- Ala – Vao
- Nono
- Taolana
- Mino
- Efa (miv) – Ray (miv)
- Hena – No
- Avia

### TENY MIFANARAKA N° 378



**Mitsivalana**

**1.** Fiainana ety an-tany **2.** Mamoaka feo (miv) **3.** Raisinareo **4.** Seho **5.** Voankazo – Ao amin'ny fery **6.** Mari-danja (miv) **7.** Fiderana sy fankatoavana (miv) **8.** Ajanony – Vazo (miv) **9.** Nivonona mialohan'ny fotoana – Tsirinteny Mpifanao **10.** Naoty (miv) – Lavitra tsy hita maso (miv) – Tsirin-teny Iharana

**Mitsangana**

**A.** Trano-pivavahana **B.** Mamarana ny kitoatoa – Miloko mena lalandava (miv) **D.** Nomeko valiny **E.** Eka – Isa Romana – Aminy **F.** Sitrika – Ao amin'ny rano **G.** Fisotro (miv) – Omby **H.** Fitaovana tsy dombo **I.** Vavaka – Ranomasimbe **J.** Nanao fitafiana tsara (miv) **K.** Ariary – Litera mitovy – Naoty

### Valiny Teny mifanaraka 0377

**Mitsivalana**

**1.** Tongotra **2.** Any - Renoka **3.** Tianao - Kel(y) **4.** Na - Vary **5.** Tranony - (T)en(y) **6.** Rotaka **7.** Akoho **8.** Ray - Anana **9.** Zo - No - Saz(y) **10.** Nanaisotra

**Mitsangana**

**A.** Tatatra - ZN **B.** Ony - Ro - Roa **D.** Nianatra **E.** Nana - Ina **F.** Ora - Ako (miv) - O.I **G.** Teo - Naka **H.** RN - Vy - (N)on(o) **I.** Aoka - Tsaho (miv) **J.** Kere - Rano (miv) **K.** Lalina - Aza

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny fikambanana Donnons Nous La Main, nanome fanampiana ireo ankizy tezaina ao amin'ny Akany Avoko Ambohidratrimo.**















